Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Fevrier 2017

I - Teny mahavelona

Tenin'Andriamanitra : Lk 9, 51-55

[51]Ary nony efa antomotra ny andro tsy maintsy hanalana azy, dia nanapa-kevitra hankany Jerosalema izy, [52]ka nandefa iraka nialoha azy. Dia nandeha ireo ka niditra tao amin'ny tanàna anankiray tany amin'ny Samaritana, mba hanomana ny fandraisana azy; [53]fa tsy nisy nandray azy ny olona, satria olona hankany Jerosalema no fijeriny azy. [54]Nony nahita izany Jakoba sy Joany mpianany dia nanao hoe: Tompoko, tianao va raha asainay ilatsahan'ny afo avy any an-danitra izy handevona azy? [55]Fa nitodika izy ka nananatra azy mafy hoe: Tsy fantatrareo mantsy izay tokony ho fanahinareo.[56]Ny Zanakolona anie tsy tonga hamery olona fa hamonjy azy. Dia nankany amin'ny vohitra hafa izy ireo.

Fanazavana fohy :

- Araka ny tantara dia tsy nifankahazo hatry ny ela ny jody sy ny samaritanina, na izany aza dia ninian'i Jesoa nidirana ny tànan'izy ireo. Tsy mba manavakavaka i Jesoa, ho azy dia mitovy daholo ny olona rehetra. Ny hamonjy ny olombelona tsy ankanavaka no nahatongavany teto an-tany.
- Ny Andriamanintsika dia Andriamanitry ny fifandraisana, nifidy ny hiara-dàlana amintsika izy, fantany ny fetrantsika olombelona, ny fahalemena, ny fahalainana handray azy. Na izany aza dia mbola maniraka olona hialoha làlana azy izy.
- Eo anatrehan'ny tsy fandraisana an'i Jesoa dia tezitra ny iraka ary te-hanampatra ny fahefana nomena azy. Tsy mba toy izany no ampianarin'i Jesoa : ***« Nitodika izy ka nananatra azy mafy*** » : tokony hahay handray ny fananaran'i Jesoa isika, hianatra ny famindram-po, handresy ny fitsaratsarana ety ivelany sy ny fizarazarana ; hianatra ny hamela heloka sy hanana faharetana amin'ny tenantsika sy amin'ny hafa. Ny iraka dia natao hitondra fiadanana mandrakariva.
- « ***Dia nankany amin'ny vohitra hafa izy ireo*** » : indraindray dia ilaina ny miova làlana, na ny manova ny programa izay efa nomanina, indrindra raha sendra ny tsy fahombiazana toy izao voalazan'ny Evanjely izao, mba hahafahana mitory ny Vaovao Mahafaly any amin'ny hafa. Tokony ho vonona mandrakariva hanaraka ny làlana itarihan'ny Fanahy Masina, na dia tsy mifanaraka amin'izay efa nomanina na neritreretintsika aza izany.
- Ny làlana mitondra any amin'ny Hazofijaliana dia tsy ilaozan'ny sakantsakana sy ny fifanoherana. Ny fijaliana niaretan'i Jesoa no mampisy dikany ny fijaliana sy ny fahoriana zakaintsika sy iainantsika noho ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly.

FANDALINANA

1. Ny vita batemy tsirairay no irahin'i Kristy hialoha làlana azy any amin'ny toerana izay tiany haleha, mahatsapa tena ho irak'i Kristy ve ianao ? Inona no anjara birikinao amin'izany iraka izany ?
2. Tantarao fohifohy ny andram-piainana nataonao tamin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly. Raha nisy tsy fahombiazana, inona no nataonao teo anatrehan'izany ?
3. Hoy i Jesoa hoe : « *Tsy fantatrareo mantsy izay tokony ho fanahinareo* », inona no tiany hambara amin'izany ? Milazà toetra tsara roa izay heverinao fa tokony hananan'izay voairaka hitory ny Vaovao Mahafaly.

4. Manorata vavaka ho an'ireo voairaka hitory ny Vaovao Mahafaly any amin'ny tany misy ady, korontana ary fanenjehana ny fivavahana kristianina.

II - Vatsy

FOMBA FANATANTERAHANA NY ASA FITORIANA ATAON'NY FIANGONANA

Manaraka hatrany ny fandalinana ny lafiny maha-misiônera ny Fiangonana àry isika, ary ny tahirin-kevitra raketin'ny Kônsily Vatikana faharoa hatrany no hohamafisintsika ato anatin'ity laharana ity. Ny antony dia ny hahafantarantsika indrindra ny asa tokony hataontsika sy ny fomba ho entina manatanteraka izany eo amin'ny maha-mpanabe na mpitarika na maha tompon'adraikitra antsika ao amin'ny toerana misy antsika. Koa ***ny fomba fanatanterahana io asa fitoriana ataon'ny Fiangonana io*** ary no hohalalinintsika izao. Tsy ho mpandalina ihany anefa isika fa ho mpikatroka mafana fo tokoa araka izay ampianarin'ny Fiangonana antsika.

1- Ny votoatin'ny fitoriana ataon'ny Fiangonana

Mba ho mpitory marina dia tsy maintsy fantatra aloha izay ho torina, ny zavatra izay tiana hampitaina. Koa mazava ary ny asa nanirahana ny Fiangonana dia ny hanatanteraka ilay nambaran'i Jesoa hoe: "Mandeha ianareo amin'izao tontolo izao, mitoria ny Vaovao Mahafaly". Io no iraka lehibe indrindra nankinina tamin'ny apôstôly ka tohizin'ny Fiangonana ankehitriny ary hotohiziny rahatrizay. ***Ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly no asa imasoan'ny Fiangonana***. Ambaran'ny Kônsily fa hoe "*Mazàna ny atao hoe "Misiôna" dia ny asa manokana ataon'ireo mpitory ny Vaovao Mahafaly irahin'ny Fiangonana sy mandeha amin'izao tontolo izao, manatanteraka ny andraikitra history ny Vaovao Mahafaly…"*[1]. Ny hitory sy hanambara ary hampahafantatra an'i Kristy. Hampahafantatra ny momba an'Andriamanitra sy izay sitrapony amintsika. Hitory teny fa tsy hitory tena. Hanoro azy ireo ny lalam-piainana lavorary izay hitondra azy ireo ho amin'ny lalam-pahasambarana.

Hanamasina ny vahoakan'Andriamanitra. Lafiny anakiray hafa koa ity izay mifandray amin'ilay teo aloha, mameno izay voalaza teo satria raha naniraka hitory i Jesoa dia nanampy hoe " manaova batemy azy….Izay hino ka hatao Batemy dia ho voavonjy". Ny Fizarana ny sakramenta dia midika ho fanamasinana ny vahoakan'Andriamanitra; fanomezana azy ireo ny fahasoavana ho tonga zanak'Andriamanitra (Batemy), hiray lova sy hiray aina amin'i Kristy (Eôkaristia) ary ho mpandray anjara mavitrika sy mpiara-miasa Aminy amin'ny fampielezana ny finoana sy ny fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra ihany koa (Kônfirmasiô).

Fa anisan'ny anirahana ny Fiangonana ihany koa ny ***hanorina Fiangonana.*** Izany hoe hampibebaka ny vahoana hino sy ho tonga zanak'Andriamanitra ary hamondrona azy ireo ho andian'ondry iray ka ho vala tokana sy Mpiandry tokana dia i Kristy. Izany no maha Fiangonana ny Fiangonana: fiombonan'ireo vita batemy rehetra mino an'i Kristy ary antsoina ho kristianina. Mitety faritra sy firenena ary vahoaka maro ny Fiangonana amin'ny alalan'ireo iraka ireo mba hamondrona ny olona rehetra ao amin'i Kristy.

Hanamafy ny fianoana. Tsy ny any amin'ireo tany mbola tsy mahalala an'io Kristy ihany no itoriana ny Vaovao Mahafaly sy ny sisa, fa ao amia'ny tany sy firenena ary vahoaka efa nandray ny finoana ihany koa. Tsy maintsy itorian izy ireo mba hamelombelomany indray ny finoany, mba hanamafisany an'izany bebe kokoa. Tsy maintsy asaina izy ireo mba hihavao isanandro.

2- Ireo mpandray anjara ao amin'ny asa fitoriana

Izao no ambaran'ny Kônsilyao amin'ny sori-dalana momba ny asa fampielezana ny finoana ataon'ny Fiangonana: "*Koa tsy azo ansoina hoe raharahan'ny Fiangonana, raha tsy raharaha ifanakonan'ny Eveka*

[1] Kônsily Vatikana II, sori-dalana momba ny asa fampielezana ny finoana ataon'ny Fiangonana, Toko I, N° 6, p. 772.

rehettra, tarihin'ny dimbin'I Md Piera, ampian'ny fiarahan'ny Fiangonana manontolo miasa sy mivavaka"[2]. Mazava araka izany fa ny Eveka rehetra miray amin'ny Papa no tompon'andraikitra voalohany amin'ny asa fitoriana nyVaovao Mahafaly sy ny fanamasinana ny vahoakan'Andriamanitra; dimbin'ny apôstôly izy ireo ka miandraikitra voalohany indrindra ny asa fitoriana sy mitana ny foto-pampianarana mba tsy hiova na ho diso. Izy ireo no mandamina sy mandrindra ny asa fanirahana rehetra, izy ireo no mandrindra ny fiainan'ny fiangonana, ny fombam-pivavahana... Mpiandry ondry izy ireo ka tsy maintsy mikarakara tsara ny andian'ondry nankinina taminy.

Tsy miasa irery anefa izy ireo fa "ampian'ny fiarahan'nay Fiangonana manontolo". Tsy iza izany fa ireo miara-miasa amin'ny eveka rehetra dia ny mpanao raharaha masina rehetra izany ary ny kristianina manontolo, izay samy miara-miasa ho fampandrosoana ny asa fitoriana sy ho fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra. Tafiditra ao daholo izany isika vita batemy rehetra, indrindra fa ireo nandray ny sakramentan'ny Fankaherezana ka natao hijoro ho iraka sy ho vavolombelona.

3- Ny fomba fitoriana

Hoy ihany ny Kônsily: "*anakiray monja ny asa ary tsy miova na aiza na aiza, ary na toy inona na toy inona, na dia samihafa azan y fomba fanao azy*[3]". Mazava araka izany fa iray ny Vaovao Mahafaly torina, iray ny finoana, iray ny fomba fanamasinana ny vahoakan'Andriamanitra na aiza na aiza alehan'ny mpitory, na vahoaka inona na vahoaka inona ary na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona. Tsy miova io fa iray ihany. Tondro-zotra manohana sy manampy antsika izany ary tsy maintsy atao ao an-tsaina mandrakariva. Izany no mahazava-dehibe amin'ny Fiombonana mandrakariva amin'ny Fiangonana, amin'ireo tompon'andraikitra voalohany izay voalaza etsy aloha.

Ny fomba fampitana azy no mety ho samihafa arakaraka ny toerana, ny firenana, ny olona, ny karazan'olona izay anaovana ny asa fitoriana. Eto no ilana ny fahaizantsika mampita amin'ny olona, indrindra fa amin'ny tanora ny asa fitoriana na ny asa fampitana ny finoana ataontsika. Samihafa mihitsy, ohatra, ny manao fandalinam-pinoana amin'ny ankizy na amin'ny tanora na amin'ny olon-dehibe, hafa ny amin'ny ambanivohitra sy ny andrenivohitra, ny amin'ny olona manam-pahaizana ambony sy ny amin'ny tsy dia nandia fianarana loatra, ny amin'ny tera-tany Malagasy ny amin'ny tera-tany vahiny sns. Mila fahaizana izany. Ilaina ihany koa ny fahaizana mijery ny zava-misy na ny toetoe-piainan'ny olona izay iasana.

Izany rehetra izany àry, sy ny maro hafa tsy voalaza, no fomba entin'ny Fiangonana manatanteraka ny asa fanirahana ataony. Miaraka amin'ny Fiangonana isika, tsy misaraka aminy ary miara-miasa aminy. Koa izany koa no angahina amintsika mba ho volentsika ao anatintsika mba hampahomby ny asa ataontsika. Tsy Fiangonana osa sy malemy ary kanosa ny Fiangonantsika fa sahy mijoro mandrakariva. Isika koa tsy maintsy ho toizany. Koa alao hery àry ary tsy tokony hatahotra fa eo mandrakariva i Kristy mankahery sy mitantana antsika miaraka amin'ny Fanahiny Masina.

FANDINIHANA SY FIFAMPIZARANA.

1- Azonao tsara ve ireo asa nanirahana ny Fiangonana eo anivaon'izao tontolo izao ireo? Manao ahoana ny fahitanao azy eo amin'ny toerana misy anao?
2- Inona avy ireo sehatra ahafahan'ny kristianina mandray andraikitra amin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly eo amin'ny toerana misy anao?

[2] Ibidem
[3] Ibidem

3- Ankoatra ny Papa sy ny eveka ary ny pretra, iza avy koa ireo olona na sokajin'olona izay afaka mandray anjara amin'ny asa maha misiônera?
4- Ho anao, inona no zavatra tena ilaina mba ho tena mpitory ny Vaovao Mahafaly ny olona iray?

III-Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

Miezaka hatrany isika hampirindra sy hampifandray ny fomba fanabeazana malagasy sy ny fomba fanabeazan'i Don Bosco. Ny anton'izany moa dia ny mba hahafahantsika mampita araka ny tokony ho izy ilay harem-pahasoavana sarobidy avy amin'i Don Bosco ho an'ireo ankizy sy tanora malagasy. Mitohy hatrany àry ny fandalinana ataontsika mikasika ireo fomba fanabeazana roa ireo. Manampy antsika rahateo koa moa izany mba handalina ihany koa ireo hasina sy soatoavina sarobidy ananantsika malagasy. Hatolotra antsika tsikelikely amin'ny fomba mirindra moa izany fandalinana izany.

NY FANABEAZANA NENTIM-PAHARAZANA MALAGASY SY NY FOMBA FANABEAZAN'I DON BOSCO

Tsy namaky ireo andry telo iankinan'ny asa fanabeazana araka izay naroson'i don Bosco ny Malagasy fahiny, kanefa raha tarafina ireo fomba amam-panao vitsivitsy hita teo amin'ny fiaraha-monina taloha dia mazava fa nanana ny fomba manokana nentiny **naneho an'ilay fitiavana azo tsapain-tanana sy nampiasa ny fisainana ary nanome lanja ny ara-panahy koa izy**.

Raha lazaina amin'ny teny hafa dia ilay endri-panabeazana azon'i Joany kely tao Becchi, fanabeazana nomen'i Mama Margherite no hita mifandraika betsaka tamin'ny fomba nentin'ny Malagasy namolavola olom-banona. Teo anivon'ny fiaraha-monina no nanabeazan'ny Malagasy ny taranany ary nobeaziny ho tia ny fiaraha-monina izy ireny.

Tsy fanabeazana olona tsy hanana hazon-damosina akory sanatria no nataony tamin'izany fa fanabeazana ny maha-izy azy ny tsirairay mba ho afaka hitondra ny anjara birikiny sy hanana ny anjara toerany teo amin'izany fiaraha-monina izany.

Io toe-tsaina nananany io no manazava tsara ny hevitra lalina fonosin'ny hoe RARINY SY HITSINY, izay tsara hazavaina kely amin'ny ankapobeny aloha.

Ny hoe RARINY dia sarin-teny nalaina avy amin'ny fandinihany ny asa-tanana voarary (harona, satroka, tsihy, sns….). Ireo "singa" tsirairay nampiasaina (satrana, hazon-drano, vero, sns…) mba handrariana dia samy maka ny anjara tandrify azy avy ary misy lamina ataon'ny mpandrary ao mba hanome endrika an'ilay asa. Izay fanekena ny anjara toerana sy ny maha-izy azy arakaraka ny fandaharana ataon'ilay mpandrary izay no rariny. Araka izany tsy rariny ohatra raha famaky no entina miasa tany. Tsy rariny raha ny zanaka no maka ny anjara toeran'ny ray aman-dreny.

Avy ao no nahazoana ny hoe MIRARY: entina hilazana toe-javatra milamina sy mirindra tsara, tsara rafitra satria tena mipetraka amin'ny toerana tokony hisy azy avokoa ny zavatra tsirairay. Lazaina fa tsara rafitra ny trano raha voarary ara-dalana ireo biriky nampiasaina ary amin'izay dia tsy misy atao tsinotsinona ny biriky tsirairay fa samy manana ny maha-izy azy avy. Ary tsy misy azo esorina satria samy manana ny anjarany feno mba hanome endrika an'ilay trano.

Amin'ny vanim-potoana manokana, raha mifampiarahaba na manome tso-drano ny Malagasy dia mampiasa ny hoe: "mirary soa", "mirary fahombiazana", "mirary… tsara", sns … entiny milaza fa aoka ho araka izay soa na fahombiazana tandrify anao no ho tonga aminao.

Ny HITSINY indray dia nalaina avy amin'ny hoe HITSY izany hoe ny zavatra mahitsy dia zavatra marina sy mazava. Mifanakaiky amin'ny hoe rariny ihany izy raha jerena amin'ny ankapobeny. Fa ny tena lanjany dia hoe tsy afaka manjaka ny rariny raha tsy mipetraka tsara ny hitsiny. Ny zavatra atao am-pahamarinana sy mazava

(araka ny hitsiny) no ahitana ny rariny. Ny zavatra mandeha ara-dalana, manaraka ny rindran-damina sy manaja ny fiaraha-monina no lazaina hoe araka ny hitsiny. Raha atao teny fohy dia hoe marina sy mazava.

Soatoavina lehibe teo amin'ny Malagasy ny Rariny sy ny Hitsiny ary mameno ihany koa ny fandinihany sy ny fanekeny ny fisian'Andriamanitra eo amin'ny fiainany ihany koa. Ary ireo soatoavina roa lehibe ireo no fototra hifaharan'ny fomba fanabeazany: ny olom-banona dia miaina araka ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny fiaraha-monina.

Tsy mba nanana sekoly toy izao endriny ananantsika amin'izao fotoana izao ny Ntaolo kanefa dia namolavola olom-banona sy olon-kendry. Tamin'ny fomba ahoana ary no nahafahany nanatanteraka an'izany? Tsotra ny valiny: raha jerena ny fomba Malagasy dia nisy ny atao hoe: sekoly amorom-patana. Ary tsy azo hadinoina ihany koa ny fahaizan'ny Malagasy mampiasa ireo karazam-pitenenana samihafa sy ny kilalao izay fomba nentiny nanabe ihany koa.

Raha fintinina dia hoe: tamin'ny alalan'ny dinidinika, fampiasana fomba fiteny, kilalao isan-karazany no nanabeazan'ny Malagasy ny taranany.

FANDINIHANA SY FIFAMPIZARANA :

1/ Toa manjavozavo (tsy hita taratra loatra) amin'ny fiarahamonina iainantsika ankehitriny ireo soatoavina malagasy ireo (izany hoe : ny rariny sy hitsiny). Inona no antony mahatonga izany araka ny hevitrao ? Hamarino amin'ny alalan'y ohatra mazava ny valinteninao.

2/ Arakan y fahalalanao inona daholo ireo fitaovana nentin'ny Malagasy nanabe ny ankohonany ? Mbola ilay ve ireny fitaovana ireny ankehitriny ? Hazavao.

Inona ny soson-kevitra arosonao mba hitazomana sy hanamafisana orina hatrany ireny soatoavina malagasy ireny ?